6 Inona no ahafahana mametraka fanamarihana na fitarainana na soso-kevitra

Manan-jo hametraka **fitarainana** ianao raha :

- **voailikilika**
- misy manao **kolikoly**
- **tsy feno** ny vola voaray
- **tsy mifanaraka** amin'izay nifanarahana no miseho na atao
- misy **tsindry hazolena**

Fenoy ny takila voatokana amin'izany !
Raiso eny amin'ny
komity mpiahy ny mpiara-belona na eny amin'ny Reny Mavitrika

033 65 300 03 / 034 30 810 _ _
(Antso tsy andoavam-bola)

7 Ny adidinao !

- Tanteraho ny zara-andraikitra !
  Tadidio fa raha tsy mitozo fianarana ny zanakao dia tsy handray na mihena ny vola ho raisinao.
- Manatona ny toby mpiahy ara-tsakafo hiofana sy hanatsara ny fikarakarana ny zaza.
- Mandehana eny amin'ny toby fitsaboana manao vaksiny ny zaza na koa rehefa misy tsy salama ny ankohonana.
- Mandraisa anjara feno amin'ny hetsika rehetra tanterahina miaraka amin'ny Reny Mavitrika.

- Ento ny boky fandraisam-bola na piosy finday ary ny boky «Vatsin'Ankohonana» rehefa handray vola.

VATSIN'ANKOHONANA

ZO SY ADIDY

LA BANQUE MONDIALE unicef FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT MADAGASCAR

1 Arahabaina ! Ankehitriny ianao dia mpisitraka ny Vatsin'Ankohonana

Mandray Vatsin'Ankohonana **Ar 30 000** hatramin'ny **Ar 50 000** isaky ny :

2 volana

Ar 30.000 : raha tsy misy zaza mianatra
Ar 40.000 : raha misy zaza 1 mianatra
Ar 50.000 : raha mihoatra ny zaza 2 no mianatra

2 Ahoana ny fandraisana ny vola ?

Ampahafantarina anao amin'ny alalan'ireo Reny Mavitrika, komity mpiahy ny mpiara-belona na peta-drindrina eny amin' ny biraom-pokontany **ny fotoana sy toerana andraisana azy**.

Ento ny karapanondro, ny "Piosy" finday, ary ny boky Vatsin'Ankohonana rehefa handray vola.

3 Ny andraikitrao : ahafahanao misitraka

Mila **mitozo an-tsekoly** mandritra ny taom-pianarana ny zanakao :

4 andro mianatra an-tsekoly fara fahakeliny

anatin'ny herinandro

4 Raha tsy mitozo fianarana ny zanakao dia inona no hitranga ?

Raha **tsy mahatratra ny sanda fitozoana** nifanarahana (4 andro mianatra an-tsekoly fara fahakeliny anatin'ny herinandro) in-3 misesy ny zanakao na koa tsy tonga mandray ny vola in-3 misesy ianao.

Tsy mandray **vola** na mihena ny vola raisina

5 Ny zonao ! mpisitraka ny Vatsin'Ankohonana

- Ny mpisitraka dia manan-jo handray ny **Vatsin'Ankohonana** isaky ny roa (2) volana ary mandray anjara amin'ireo **fiofanana** omen'ny FID.
- Manan-jo **hampiditra** ny zanany **an-tsekoly**, mahazo fikarakarana ara-pahasalamana (CSB) ary toro hevitra momba ny fiahiana ara-tsakafo (Toby Sekalina / ONN), ny fivelaran'ny zaza sy ny maha olom-pirenena.

- Manan-jo hametraka **fitarainana** raha tsy afa-po amin'ireo nifanarahana na koa ny sandan'ny vola voaray.